## NY TENY FIAINANA

*"Fa izany rehetra izany dia katsahin'ny jentilisa fatratra; fa fantatry ny Rainareo izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany."*

***Matio 6:32***

**Rugby Vehivavy sy "XXL Energy Top 20**

# Hitohy anio sy rahampitso etsy Andohatapenaka

Hitohy anio sabotsy 15 sy rahampitso alahady 16 aprily 2023 etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, ny fifaninanana rugby Malagasy fiadiana ny ny « Championnat de Madagascar Dame" sy ny "XXL Energy Top 20". Fandaharan-dalao anio sabotsy 15 aprily tsy hisy vidim-pidirana : "2è Division Dame" 09:00-Asut Université Antananarivo # XV Red Tanjombato, 11:00-Uasc Cheminot # Rosa Club Antohomadinika. "1ère Division Dame" 13:00-Ftm Manjakaray # Rcts Soavimasoandro, 15:00-Scb Besarety # 3Fb Fahasalamana. Fandaharan-dalao rahampitso alahady 16 aprily : 09:00-Tfma Ankasina # Fbm Bemasoandro, 11:00-3Fb Fahasalamana # XV Avenir Andohatapenaka, 13:00-Stm Savonnerie # Ftba Andohatapenaka, 15:00-Tfa Anatihazo # XV Fa Ampasika.



*Fifaninanana XXL Energy Top 20, 2023.*

***Rainilita***

**Orange Pro-League 2022-2023**

# Tafita amin'ny «PLAYOFFS » ny Elgeco Plus

Ekipa faha-4 tafita hitrika ny dingana «PLAYOFFS » amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro-League 2022-2023" ny ekipan'ny Elgeco Plus, izay manana isa 22 ao amin'ny « Conférence Sud ». Anio sabotsy 15 sy rahampitso alahady 16 aprily 2023 no hanatanterahina ny andro faha-14 amin'ity fifaninanana ity. Fandaharan-dalao "Conférence Sud" : sabotsy 15 aprily 2023 : 14:30-Cffa # Jet Kintana (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"), Alahady 16 aprily 2023 : 14:30-Dato Fc # Disciples Fc (kianja sentetika Manakara), Elgeco Plus # 3Fb Toliara (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"), Zanakala Fc # Mama Fc (kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa"). Fandaharan-dalao "Conférence Nord" : Asabotsy 15 aprily 2023 : 14 :30-Tffc # Ajesaia (kianja sentetika Ambohidratrimo), Uscafoot # As Fanalamanga (kianja monisipaly Alarobia), Alahady 16 aprily 2023 : 14 :30-Fosa Juniors Fc # Tia Kitra Fc (kianja Rabemananjara Mahajanga), Asa Diana # Cosfa (kianja monisipaly Antsiranana).



*Elgeco Plus 2023.*

***Rainilita***

**Aviron "Beach Rowing Sprint"**

# Hatao any Mahajanga amin'ny 12-19 aogositra izao



*Mpanao Aviron Malagasy.*

Ho tontosaina any Mahajanga amin'ny 12 ka hatramin'ny 19 aogositra 2023 ho avy izao, ny fifaninanana Aviron "Beach Rowing Sprint", izay ho karakarain'ny Federasiona Malagasin'ny taranja Aviron, na fivoizana lakana miamboho tarihan'ny filohany, Mouhidine Mohamad ary handraisan'ny firenena Afrikanina miisa 5 anjara toa an'i Ouganda, Somalie, Namibie, Djibouti ary i Maldives. Tonga nitsidika tamin'ny fomba am-panajana sy nampahafantatra an'izany tamin'ny Minisitra André Haja Resampa teny amin'ny MJS Ambohijatovo tamin'ny alakamisy 13 aprily 2023 teo, ny filohan'ny Aviron Malagasy.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy petit-pois indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary kôkômbra miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny marigaozy

Ny soa azo avy amin'ny marigaozy na margose indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Anisan'ny legioma tsara ny merigaozy, fanafody ihany koa ny raviny.

Ireto avy ny zava-tsoa azo avy aminy :
- Manasitrana ny aretin'ny taovam-pisefona : kohaka, sempotra sns...
- Tsara ho an'ny aty, miaro sy manasitrana aretina aty.
- Mampatanjaka ny hery fiarovana.
- Tsara ho an'ny hoditra, manala aretin'ny hoditra.
- Tsara ho an'ny misy diabeta.
- Fanafody constipation, na mitohana.
- Tsara ho an'ny voa ( reins ),
- Tsara ho an'ny fo.
- Fanafody cancer na homamiadana.
- Mitondra hery.
- Manadio rà
- Tsara ho an'ny volo.
- Mampihena vatana, manala tavy.

Afaka atao jus izy, azo atao laoka koa.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antanifotsy distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antanifotsy distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanifotsy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 11 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila. Mpanjono ihany koa ny mponina any Antanifotsy.

